b) l'Emprunteur n'a pas fourni à l'Association, dans les délais spécifiés à la Section 4.01 (b) (ii) du présent Accord, l'un quelconque des rapports d'audit devant être soumis à l'Association conformément à ladite Section pour ce qui est de l'audit des comptes et écritures du Compte Spécial ;

c) l'Association a notifié à l'Emprunteur son intention de suspendre en totalité ou en partie le droit de l'Emprunteur d'opérer des retraits du Compte de Crédit en vertu des dispositions de la Section 6.02 des Conditions Générales ; ou

d) le montant total non retiré du Crédit affecté aux Catégories autorisées pour le Compte Spécial, moins l'encours total de tous les engagements spéciaux pris par l'Association conformément à la Section 5.02 des Conditions Générales au titre du Projet, est équivalent au double du Montant Autorisé.

Par la suite, le solde du Compte de Crédit alloué aux Dépenses Autorisées est retiré du Compte de Crédit conformément aux procédures notifiées à l'Emprunteur par l'Association. Lesdits retraits sont effectués uniquement après qu'il a été établi, et dans la mesure où il a été établi, à la satisfaction de l'Association que le solde du Compte Spécial à la date de notification servira à régler des Dépenses Autorisées.

6. a) Si l'Association estime qu'un paiement quelconque au moyen du Compte Spécial : i) a été effectué pour régler une dépense ou un montant non autorisé en vertu des dispositions du paragraphe 2 de la présente Annexe ; ou ii) n'était pas justifié par les pièces fournies à l'Association, l'Emprunteur, dès notification de l'Association : A) fournit toute pièce justificative supplémentaire que l'Association peut demander ; ou B) dépose au Compte Spécial (ou, si l'Association le demande, rembourse à l'Association) un montant égal audit paiement, ou à la fraction dudit paiement, qui n'était pas autorisé(e) ou justifié(e). À moins que l'Association n'en convienne autrement, l'Association n'effectue aucun nouveau dépôt au Compte Spécial tant que l'Emprunteur n'a pas fourni ladite pièce justificative ou effectué ledit dépôt ou remboursement, selon le cas.

b) Si l'Association estime à un moment quelconque que tout solde du Compte Spécial n'est pas nécessaire pour effectuer d'autres paiements au titre de dépenses autorisées, l'Emprunteur, dès notification de l'Association, rembourse ledit solde à l'Association.

c) L'Emprunteur peut, moyennant notification à l'Association, rembourser à l'Association la totalité ou une partie des fonds en dépôt sur le Compte Spécial.

d) Les remboursements à l'Association faits conformément aux paragraphes 6 (a), (b) et (c) de la présente Annexe sont versés au Compte de Crédit pour être retirés par la suite ou annulés conformément aux dispositions appropriées du présent Accord, y compris les Conditions Générales.

DIKAN-TENY TSY OFISIALIN' NY
TENY ANGLISY HANY TOKANA MANAN-KERY

FAMPISAMBORAM-BOLA LAHARANA FAHA-3717 MAG

FIFANARAHANA FAMPISAMBORAM-BOLA HO FAMPANDROSOANA

(**Tetikasa momba ny fitaterana ambanivohitra**)

iarahan'ny

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
SY NY FIKAMBANANA IRAISAM-PIRENENA MOMBA NY FAMPANDROSOANA

Tamin'ny 15 novambra 2002

*Fandaharanasa misahana ny fitaterana (PST)
Dikan-teny malagasy narindra avy amin'ny teny frantsay
13 marsa 2003*

DIKAN-TENY TSY OFISIALIN' NY
TENY ANGLISY IZAY HANY TOKANA MANAN-KERY

FAMPISAMBORAM-BOLA LAHARANA FAHA-3717 MAG

FIFANARAHANA FAMPISAMBORAM-BOLA HO FAMPANDROSOANA

Fifanarahana tamin'ny 15 nôvambra 2002 nifanaovan'ny Repoblikan'i Madagasikara sy ny Fikambanana iraisam-pirenena momba ny fampandrosoana. Mpisambatra no iantsoana ny Repoblikan'i Madagasikara. Ny Banky iraisam-pirenena no atao hoe fikambanana.

A. Mahatsapa ny mpisambatra fa azo tontosaina sady manana laharam-pahamehana ny tetikasa voalaza ao amin'ny tovana faharoan'ity fifanarahana ity. Izany no angatahanany ny fikambanana handray anjara amin'ny famatsiam-bola ny tetikasa.

B. Laharana faharoa amin'ireo tetikasa maro hanohanana ny sehatry ny fitaterana ity tetikasa ka izany no anton'ny nangatahan'ny mpisambatra fanampiana amin'ny fikambanana.

C. Navoakan' ny mpisambatra mba hanan-kery ny fanambarana tamin'ny 6 aprily 2000 momba ny politikam-pirenena itondrana ny fitaterana sy ny tetikady momba ny lalana. Ao koa ny fanambarana mikasika ny politika sy tetikady itondrana ny fitaterana ambanivohitra tamin'ny 30 mey 2001 izay anambaran'ny mpisambatra ny fitambaran'ireo fepetra, ny tanjona sy ny politika mikendry ny fahazoan'ny mponina ambanivohitra miditra bebe kokoa amin'ny fifanankalozana sy mahazo ireo filana mahakasika ny fiainam-bahoaka ka mitarika fampandrosoana ny toekarena sady manatsara ny fiainana ambanivohitra.

D. Nisy fanovana tamin'ny 17 septambra izay navoakan'ny mpisambatra mba hanan-kery mikasika ny politika sy tetikady itondrana ny fitaterana. Manova sy mamenno ny politikam-pirenena itondrana ny fitaterana sy ny tetikady momba ny lalana io fanovana io ary mahasahaha koa ny politika sy tetikady itondrana ny fitaterana ambanivohitra. Naneho rahateo ny fahavononany ny mpisambatra fa hampihantra ireo fepetra sy tanjona ary politika voasority ny politikam-pirenena itondrana ny fitaterana sy ny tetikady momba ny lalana, miampy ny politika sy ny tetikady itondrana ny fitaterana ambanivohitra, araka ny fanovana natao. Fandaharanasa no iantsoana manaraka eto ny fanovàna ireo rehetra ireo.

E. Mikasa hindram-bola 7.400.000 dôlara amin'ny Banky afrikanina momba ny fampandrosoana (BAD) ny mpisambatra mba handraisany anjara amin'ny famatsiam-bola ny tetikasa araka ny fepetra lazain'ny fifanarahana tsy maintsy hifanaovan'ny roa tonta.

F. Mikasa hahazo fanampiana 2.700.000 dôlara avy amin'ny Foibe amerikanina momba ny fampandrosoana iraisam-pirenena (USAID) ny mpisambatra mba handraisany anjara amin'ny famatsiam-bola ny tetikasa araka ny fepetra lazain'ny fifanarahana ambanivohitra, araka ny fanovana natao. Fandaharanasa no iantsoana manaraka eto ny fanovàna ireo rehetra ireo.

G. Mikasa hahazo fanampiana 19.600.000 dôlara avy amin'ny Vondrona europeana ny mpisambatra mba handraisany anjara amin'ny famatsiam-bola ny tetikasa araka ny fepetra lazain'ny fifanarahana tsy maintsy hifanaovan'ny roa tonta.

H. Mikasa hahazo fanampiana 4.000.000 dôlara avy amin'ny Fikambanana nôrveziana momba ny fampandrosoana iraisam-pirenena (NORAD) ny mpisambatra mba handraisany anjara amin'ny famatsiam-bola ny tetikasa araka ny fepetra lazain'ny fifanarahana tsy maintsy hifanaovan'ny roa tonta.

I. Mikasa hahazo fanampiana 1.700.000 dôlara avy amin'ny Foiben'ny fiaraha-miasa iraisam-pirenena any Japana (JICA) ny mpisambatra mba handraisany anjara amin'ny famatsiam-bola ny tetikasa araka ny fepetra lazain'ny fifanarahana tsy maintsy hifanaovan'ny roa tonta.

J. Mikasa hahazo fanampiana 3.000.000 dôlara avy amin'ny Foibe frantsay momba ny fampandrosoana (AFD) ny mpisambatra mba handraisany anjara amin'ny famatsiam-bola ny tetikasa araka ny fepetra lazain'ny fifanarahana tsy maintsy hifanaovan'ny roa tonta.

Nanaiky, araka izany, ny fikambanana fa hampindram-bola ny mpisambatra ka manaraka ny fepetra raketin'izao fifanarahana izao.

Noho ireo antony voalaza rehetra ireo dia mifanaiky ny andaniny sy ankilany.

ANDININY VOALOHANY
FEPETRA ANKAPOBENY; FAMARITANA NY HEVI-TENY

Sokajy 1.0.1. Tsy misaraka amin'ity fifanarahana ity ireo fepetra ankabobeny ampiharina amin'ny fifanarahana fampisamboram-bola ho fampandrosoana natao tamin'ny 1 janoary 1985 sy nasiam-panovana tamin'ny 6 oktôbra 1999.

Sokajy 1.0.2. Raha tsy hoe omena dikany hafa ny toe-java-misy, dia tsy miova ny dikan'ny hevitra voalazan'ny fepetra ankabobeny sy ny savaranonandon'ity fifanarahana ity.

Toy izao, ankoatr'izany, ny dikan'ireto teny manaraka ireto.

Ny atao hoe “olona voakasika”. Mahafaoka lafin-javatra maro io teny io eo amin'ny fanatanterahana ny tetikasa. Ireto avy izany. Voalohany (i), ireo olona nikororosy na mety hikororosy fari-piaianana. Faharoa, (ii) ny zo ahazoana mipetraka na mizaka ny maha tompon-tranom-ponenana na tompon-tany (ka anisan'izany ny trano, ny tany fambolena sy fivezivezena), na ny tombontsoa aterak'ireo fananana ireo avy amin-javatra hafa amin'ny fananana mitoetra na manaraka ka azo na nalaina ho tazonina mandritry ny fotoana vetivety na tsy voafetra. Fahatelo (iii), voatohitohina na mety ho voatohitohina mandritra ny fotoana voafetra na maharitra ny fitaovam-pamokarana. Fahefatra (iv), voatohitohina na mety ho voatohitohina ny orinasa, ny asa atao, ny toeram-ponenana na ny fonenana. Enti-manondro ny olona iharan'ireo ny teny hoe “olona voakasika”.

Ny atao hoe “fifanarahana famatsiam-bola iraisana” dia ireo fifanarahana famatsiam-bola voalazan'ny savaranonando.

Ny atao hoe “drafi-pitantanana ny tontolo iainana” dia ny drafitra rehetra atao ho fitantanana ny raharaha mahakasika ny tontolo iainana araka ny voalazan'ny andalana fahavaloo amin'ny tovana faha-efatr'ity fifanarahana ity. Anisan'izany ny ambaran'ny andalana 3(b) (ii) sy (e) (ii) amin'ny tovana voalohan'ity fifanarahana ity.

Ny tatitra momba ny fanaraha-maso ny fampiasam-bola”, afohezina amin'ny hoe “RSF”, dia ny tatitra mifanaraka amin'ny sokajy 4.02 (a).

Ny atao hoe “taonam-pitantanam-bola” dia ny taom-piasan'ny mpisambotra manomboka ny 1 janoary ka hatramin'ny 31 desambran'io taona io ihany.

Ny hoe “SIG” dia fanafohizana teny frantsay. Fampitam-baovao amin'ny lafin'ny jeografia no dikany amin'ny teny malagasy.

Ny hoe “MIT” dia fanafohizana teny frantsay. Fitaovam-pitaterana tsotsotra ampiasana herintsandry nefy tsy misy milina manosika na mitarika no dikany amin'ny teny malagasy.

Ny hoe “MTM” dia fanafohizana teny frantsay. Minisiteran'ny fitaterana sy ny famantarana ny toetr'andro no dikany amin'ny teny malagasy. An'ny mpisambotra izy io.

Ny hoe “MTP” dia fanafohizana teny frantsay. Minisiteran'ny asa vaventy no dikany amin'ny teny malagasy. An'ny mpisambotra izy io.

Ny hoe “SEP” dia fanafohizana teny frantsay. Sekretaria mpanantanteraka ny fandaharanasa misahana ny fitaterana no dikany amin'ny teny malagasy.

Ny atao hoe “fifanarahana famindram-pitantanana ny seranana” dia ny fifanarahana famindram-pitantanana izay tsy maintsy hataon'ny mpisambotra sy ny mpiandraikitra ny fampiasana seranana. Mazava ny fepetra momba izany ao amin'ny sokajy 3.02 (b), ary koa ny mety ho fanovana sy ny mikasika ireo tovana rehetra amin'ny fifanarahana famindram-pitantanana.

Ny hoe “mpiandraikitra ny fampiasana ny seranana” dia ny mpiandraikitra ny fampiasana ny seranana ambaran'ny sokajy 3.02 (b).

Ny hoe “DPTP” dia fanafohizana teny frantsay. Foibem-paritanin'ny asa vaventy no dikany amin'ny teny malagasy, na iray na maro, araka ny voalaza ao amin'ny andalana 2 (b) amin'ny tovana faha-efatra.

Ny hoe “ARP” dia fanafohizana teny frantsay. Masoivohom-paritany misahana ny lalana no dikany amin'ny teny malagasy, na iray na maro, araka ny voalazan'ny andalana 2 (a) amin'ny tovana faha-efatra.

Ny atao hoe “kaontin'ny tetikasa” dia ny kaontin'ny tetikasa voalaza ao amin'ny sokajy 3.05 (a).

Ny atao hoe “drafi-panatantrehanana ny tetikasa” dia ny drafitra enti-manatontosa ny tetikasa

voalaza ao amin'ny andalana faharoa (a) amin'ny tovana faha-efatra sy ny mety ho fanovana atao aminy ka eken'ny fikambanana ary koa ny mikasika ireo tovana rehetra amin'ny drafipanatanterahana ny tetikasa.

Ny atao hoe "faritany" dia ny iray amin'ireo faritra enina eto amin'ny firenena misy ny mpisambotra.

Ny hoe "fifanaraham-pamindram-pitantanana ny lalam-by" dia ny fifanaraham-pamindram-pitantanana tsy maintsy hataon'ny mpisambotra sy ny mpiandraikitra ny fampiasana ny lalam-by. Mazava ny fepetra momba izany ao amin'ny sokajy 3.02 (a) sy ny mikasika ireo tovana rehetra amin'ny fifanaraham-pamindram-pitantanana ny lalam-by.

Ny hoe "mpiandraikitra ny fampiasana ny lalam-by" dia ny mpiandraikitra ny fampiasana ny lalam-by voalaza ao amin'ny sokajy 3.02 (a).

Ny hoe "FER" dia fanafohizana teny frantsay. Tahirim-pikojakojan-dalana no dikany amin'ny teny malagasy. Ny didim-panjakana laharana faha-2002-577 tamin'ny 4 jolay 2002 nataon'ny mpisambotra no nanangana io tahirim-bola io.

Ny hoe "CTR" dia fanafohizana teny frantsay. Sampan'asa miandraikitra ny fitaterana ambanivohitra no dikany amin'ny teny frantsay. Ao anatin'ny SEP no misy azy.

"Zotran-dalam-by ilany atsimo" no iantsoana ny lalam-by mampitohy an'i Fianarantsoa sy Manakara.

Ny hoe "kaonty manokana" dia ny kaonty voalaza ao amin'ny tovana fahadimy.

Ny hoe "zana-tetikasa" dia ireo lahasa rehetra miompana amin'ny asa vaventy, na ny asa hafa rehetra mahafaoka ny fanamboaran-dalana vaovao, ny fanarenana na fikojakojana ny lalana efa misy na ny lalam-by voalaza ao amin'ny lohatenin'ny rijan-teny momba tetikasa.

Farany, ny hoe "fanadihadiana ny lafin'ny tontolo iainana eo amin'ny sehatry ny fitaterana", afohezina amin'ny teny frantsay hoe "EEST", dia ny fanombatombanana mikasika ny lafin-javatra mahakasika ny tontolo iainana eo amin'ny sehatry ny fitaterana. Tamin'ny 27 septambra 1999 no vita izany fanadihadiana izany. Misongadina ao ny famakafakana amin'ny antsipiriany ny fiantraikan'ny fitaterana amin'ny fiaraha-monina sy ny tontolo iainana ka mifandraika amin'ny fandaharanasa. Voalaza amin'ny antsipiriany koa ny fepetra sahaza na takiana mba hiatrehana ny fahavoazana mety hitranga eo amin'ny tontolo iainana ary koa ny hisorohana ny fiantraikan'ny fanatanterahana ny fandaharanasa amin'ny tontolo iainana.

ANDININY FAHAROA NY FAMPISAMBORAM-BOLA

Sokajy 2.01.

Araka ny fepetra raketin'ny fifanaraham-pampisamboram-bola ho fampandrosoana dia manaiky ny fikambanana fa hampindrana amin'ny mpisambotra vola mitovy sanda amin'ny 60.700.000 DTS (droits de tirages spéciaux).

Sokajy 2.02.

a) Azo alaina ao amin'ny kaontim-pampisamboram-bola ny totalin'ny vola, araka ny fepetra tondroin'ny tovana voalohan'ity fifanarahana ity, mba handoavana ny vidin'ny kojakoja sy ny saran'ny asa mbamin'ny lahasa isan-karazany ilain'ny fanantanterahana ny tetikasa ary tsy maintsy ampiasana ny vola azo. Voakasil'izany fepetra izany koa ireo fandaliana mbola hatao raha toa ka ankatoavin'ny fikambanana.

b) Ho fanatanterahana ny tetikasa dia azon'ny mpisambotra atao ny manokatra sy mitana kaonty manokana hitahirizana ny vola dôlara any amin'ny banky misahana raharraham-barotra.

Manaraka ny fepetra heverin'ny fikambanana fa mahafa-po no anaovana izany ; toraka izany ny fiarovana mba tsy hisian'ny fitakian-tsetriny na fanagiazana na tsatoka. Ny fepetra voalazan'ny tovana fahadimy no mifehy ny fametrahama-bola ao amin'io kaonty manokana io sy ny fandoavam-bola ampiasana azy.

Sokajy 2.03.

Tapitra ny 30 jona 2009 ny fampiasana ny vola. Mety ho fotoana hafa aorian'io daty io raha izay no fanapaha-kevity ny fikambanana; ampafantarin'ny fikambanana mialoha ny mpisambotra izany.

Sokajy 2.04.

a) Mandrotsaka amin'ny fikambanana tambim-pandraiketam-pamoaham-bola avy amin'ny totaliben'ny vola tsy mbola nalaina ny mpisambotra. Amin'ny sandany feran'ny fikambanana isaky ny 30 jona isan-taona no anaovana izany, kanefa tsy mihoatra ny antsasaky ny iray isan-jato isan-taona.

b) Amin'ireto fisehoan-javatra anankiroa ireto no mampanan-kery ny tambim-pandraiketam-pamoaham-bola. Voalohany (i), enimpolo andro aorian'ny vaninandro mampanan-kery ity fifanarahana ity ka hatramin'ny vaninandro akan'ny mpisambotra ny vola ao amin'ny kaonty fitahirizam-bola na nanafoanana izany. Faharoa (ii), amin'ny sandam-bola ferana ny 30 jona mialoha ny vaninandro mampanan-kery azy na amin'ny sandany hafa izay ferana any ariana araka ny andalana (a) etsy ambony. Ny sandam-bola izay ferana ny 30 jona isan-taona dia azo ampiharina manomboka ny vaninandro androtsahana ny vola manaraka ilay taona, araka ny voasoritra manokana ao amin'ny sokajy 2.06.

c) Toy izao ny fandrotsahana ny tambim-pandraiketam-pamoaham-bola. Voalohany (i), amin'ny toerana izay azon'ny fikambanana angatahina. Faharoa (ii), tsy misy fameperana ataon'ny mpisambotra na manerana ny tany misy azy. Fahatelo (iii), amin'ny vola izay tononin'ity fifanarahana ity manokana mba ho fampiharana ny sokajy 4.02 ny fepetra ankapobeny na amin'ny karazam-bola hafa izay tondroina na safidina araka ireo fepetran'ny sokajy voalaza teo.

Sokajy 2.05. Misy tambim-pisahanan-draharaha arotsaky ny mpisambotra amin'ny fikambanana. Ny telo ampaheftry ny iray isan-jato amin'ny totaliben'ny trosa nefo tsy mbola nonerana no taha ampiharina amin'izany.

Sokajy 2.06. Aloa isan-taona isaky ny enim-bolana, ny 15 mey sy ny 15 novambra, ny tambim-pandraiketam-pamoaham-bola sy fisahanan-draharaha.

Sokajy 2.07.

a) Tsy tohinina ny voalazan'ny andalana (b), (c) sy (d) manaraka etoana. Araka izany dia oneran'ny mpisambotra isaky ny enim-bolana ny totaliben'ny vola notrosainy ka efainy ny 15 mey sy ny 15 novambra manomboka ny 15 novambra 2012. Ny 15 mey 2042 no fe-potoana farany andoavana ny trosa. Ny iray isan-jaton'io totalibe io no efaina isaky ny mandoa vola hatramin'ny 15 mai 2022. Roa isan-jato ny aorian'io.

b) i) Voalohany, isaky ny misy fihoaran'ny harin-karem-pirenena faobe ny fetra faran'ny ambony voafaritry ny fikambanana momba ny habetsahan'ny vola azo alaina amin'ny volany mandritry ny telo taona tsy an-kiato; ii) faharoa, isaky ny hitan'ny Banky iraisam-pirenena fa ampy ny volan'ny mpisambotra mba hahafahany mitrosa aminy, dia azon'ny fikambanana atao ny manova ny fepetra mifehy ny fandoavana ny vola amin'ireo fe-potoana voalaza teo. Dinihin'ireo mpitantan-draharahan'ny fikambanana mialoha izany ary ankatoaviny rahefa voadinik'izy ireo ny dingana misy ny fandrosoan'ny toekaren'ny mpisambotra. Toy izao ny fiovan'ny fepetra:

A) Angatahin'ny fikambanana amin'ny mpisambotra ny fanonerana avo roa heny ny vola fandoa isaky ny fe-potoana izay mbola tsy azo ampiharina mandra-pamerenana ny totaliben'ny vola notrosaina ;

B) Angatahin'ny fikambanana ny mpisambotra hiroso amin'ny famerenana ny totaliben'ny trosa manomboka amin'ny fandoavana isan'enim-bolana voalazan'ny andalana (a) etsy ambony ary migadona enim-bolana na mihoatra aorian'ny vaninandro nampahafantarany fikambanana ny mpisambotra fa efa notanterahina ny voalazan'ny andalana (b). Mazava ho azy fa misy fe-potoana famindra-po dimy taona farafahakeliny mialoha ny fanefana ny trosa rehetra.

Raha mangataka ny mpisambotra dia azon'ny fikambanana atao ny mandinika indray ny fanovàna voalaza ao amin'ny andalana (b) etsy ambony mba hanovana manontolo na amin'ny ampaahany ny fanondrotana ny habetsahan'ireo vola fandoa ka misy zana-bola amin'ny taha isantaona ifanarahana amin'ny fikambanana. Avy amin'ny totaliben'ny vola notrosaina efa nalaina nefy tsy mbola nonerana no anaovana izany raha heverin'ny fikambanana fa tsy manova velively ny endri-panomezana ny fanovàna ny fepetra famerenam-bola voalaza teo.

d) Na amin'ny fotoana inona na amin'ny fotoana inona aorian'ny fanovana ny fepetran'ny famerenam-bola araka ny andalana (b) teo, raha toa ka tsikaritry ny fikambanana fa somary miketraka ny toekaren'ny mpisambotra, dia azony atao indray ny manova ny fepetra famerenana ny vola rahefa mangataka izany ny mpisambotra. Ny fanajana ny fe-potoana voalaza ao amin'ny andalana (a) etsy ambony no kendrena amin'izany.

Sokajy 2.08. Ny dôlara amerikanina no vola ampiharina amin'ity fifanarahana ity araka ny voalazan'ny sokajy 4.02 ao amin'ny fepetra ankaboney.

ANDININY FAHATELO FANATANTERAHANA NY TETIKASA

Sokajy 3.01.

a) Manambara ny mpisambotra fa mankato tanteraka ny tanjon'ny tetikasa araka ny ivoasan'ny tovana faharoan'ity fifanarahana ity azy amin'ny antsipirany. Mba hahatongavana amin'izany tanjona izany no mahatonga ny mpisambotra hanatanteraka ny tetikasa araka ny zoto-po sy ny fahombiazana ilaina ary araka ny fomba manaraka ny teknika sy ny fenitry takian'ny fitondrandaerahara sy ny fitantanam-bola. Tsy maintsy imasoany amin'izany ny tontolo iainana sy voajanahary. Anjarany ny mamatsy vola, mametraka ny fitaovana sy miantoka ny fisahanandraerahara ary ny loharanom-bola ilain'ny tetik'asa araka izay ilàna izany.

b) Tsy tohinina ny fepetra voalazan'ny andalana (a) amin'ity sokajy ity ary raha tsy hoe hafa ny fifanarahana'ny mpisambotra sy ny fikambanana. Ny mpisambotra, araka izany, no hanatanteraka ny tetikasa araka ny fandaharana ny fanatontosana ny asa lazain'ny tovana faha-efatr'ity fifanarahana ity.

Sokajy 3.02.

a) Ho fampiharana ny fizarana D.1 mamaritra ny tetikasa, ary araka ny fepetra ankatoavin'ny fikambanana, dia hanao fifanaraham-pamindram-pitantanana ny lalam-by ny mpandraharaha miahya tena sy ny mpisambotra na mampihatra fepetra hafa heverina fa mahafa-po ny fikambanana mba hiantohana ny fitantanana sy ny fitrandrahana amin'ny laoniny ny ilany atsimon'ny zotran-dalam-by.

b) Ho fampiharana ny fizarana D.2 mamaritra ny tetikasa, ary araka ny fepetra ankatoavin'ny fikambanana, dia hanao fifanaraham-pamindram-pitantanana ny seranana ny mpandraharaha miahya tena sy ny mpisambotra na mampihatra fepetra hafa heverina ho mahafa-po ny fikambanana mba hiantohana ny fitantanana sy ny fitrandrahana amin'ny laoniny ny seranantsambon'i Manakara.

Sokajy 3.03.

a) Ho fampiharana ny sokajy 3.02 amin'ity fifanarahana ity dia ampahafantarain'ny fifanaraham-pamindram-pitantanana ny lalam-by sy ny fifanaraham-pamindram-pitantanana ny seranana fa, araka ny fisehoan-javatra, ny mpiandraikitra ny fampiasana ny lalam-by na ny mpiandraikitra ny fampiasana ny seranana dia tsy maintsy hanao ireto lahasa manaraka ireto.

Hifampiraharaha fiantohana amin'ny tranom-piantohana sy hanao izay hampaharitra izany na hampihatra fepetra hafa heverina fa mahafa-po ny fikambanana mba hisorohana ny fahavoazana rehetra sy ny lany mifandraika amin'ny fampiasana mahazatra.

Hanatontosa ny asany sy hitantana ny raharaha araka ny fanao tena izy amin'ny fiadidian-draharaham-panjakana, ny lafiny teknika sy ny fitantanam-bola, ary mitsinjo ny tontolo iainana sy ny zava-boahary. Misy mpiasa manam-pahaizana sy za-draharaha hatramin'ny ela, miampy mpiasa manana ny fahaizana ilaina, manara-maso izany.

Hitrandraka sy hikojakoja lalandava ny fitaovana sy ny milina mbamin'ny zavatra hafa rehetra ary manavao sy manamboatra azy ireo araka izay ilàna azy. Manaraka ny fomba fiadidian-draharaham-panjakana, ny lafiny teknika sy ny fitantanam-bola izany rehetra izany sady mitsinjo ny tontolo iainana sy ny zava-boahary.

b) Ampiasain'ny mpisambotra ny zo azony avy amin'ny fifanaraham-pamindram-pitantanana ny lalam-by sy ny fifanaraham-pamindram-pitantanana ny seranana mba hitandrovany ny tombontsoan'ny mpisambotra sy ny an'ny fikambanana ary hanatanterahany ny tanjona kendren'ny fampisamboram-bola. Raha tsy misy zavatra hafa eken'ny fikambanana dia tsy azon'ny mpisambotra ovana na foanana ny fifanaraham-pamindram-pitantanana ny lalam-by na ny fifanaraham-pamindram-pitantanana ny seranana na dia fepetra iray monja. Manaja izany tanteraka ny mpisambotra na manao izay tsy hahavery ny zony sy ny adidiny amin'izany.

Sokajy 3.04. Raha tsy misy zavatra hafa eken'ny fikambanana dia voafehin'ny fepetra voalazan'ny tovana fahatelon'ity fifanarahana ity ny fandraiketam-pifanaraham-barotra momba ny fampitaovana sy ny lahasa ary ny fifanekem-pisahanan-draharaha ataon'ny mpiasa mifamato-draharaha amin'ny tetikasa. Ny vola ampitrosaina ihany no tsy maintsy miantsoroka ireo rehetra ireo.

Sokajy 3.05. Tsy tohinina ny adidy aman'andraikitrty ny mpisambotra araka ny sokajy 3.01 amin'ity fifanarahana ity. Ireto, araka izany ny andraikitrty ny mpisambotra.

Manokatra kaonty amin'ny bankim-barotra araka ny fepetra heverin'ny fikambanana fa mahafa-po ary ny SEP no mitantana sy mampiisa azy. Kaonty atao amin'ny volan'ny mpisambotra izy io ka antsoina hoe kaontin'ny tetikasa. Ao no androtsahan'ny SEP ny vola malagasy fandraisany anjara amin'ny famatsiam-bola laniana amin'ny tetikasa.

Mametraka ao amin'ny kaontin'ny tetikasa ny vola aloa mialoha alaina amin'ny loharanombolany eto an-toerana (RPI) izay mahatratra 500.000 dôlara ary mampiditra vola ao anatin'ny kaontin'ny tetikasa isa-telovolana farafahakeliny na raha vantany vao latsaka ny ampahatelon'ny petra-bola tany am-boalohany ny volan'io kaonty.

Hitandro fa ny vola ao anatin'ny kaontin'ny tetikasa dia ampiasaina fotsiny ihany amin'ny fandoavana ny vola lany amin'ny fanatanterahana ny tetikasa izay tsy iantofan'ny famatsiam-bola hafa.

Sokajy 3.06. Mba ho fampiharana ny sokajy 9.06 amin'ny fepetra ankapobeny sady tsy manohitohina azy dia indreto ny ataon'ny mpisambotra.

Manomana drafitra anakiray izay miantohana ny faharetan'ny vokatry ny tetikasa. Miainga avy amin'ny toromarika heverin'ny fikambanana fa mahafa-po no anaovana izany sady ampahafantarina azy raha ela indrindra enim-bolana aorian'ny vaninandro ifaranan'ny tetikasa na aoriana kely, amin'ny fotoana ifanarahan'ny mpisambotra sy ny fikambanana.

Mandroso amin'ny fikambanana ny fahafahana mifampidinika momba io drafitra io miaraka amin'ny mpisambotra.

ANDININY FAHA-EFATRA VOTOATIN'NY RAHARAHAM-BOLA

Sokajy 4.01.

a) Mitàna na mampitàna fomba fitantanam-bola ny mpisambotra. Hita ao ny bokim-barotra sy ny kaonty mba hiraketana ny asa vita, ny loharanom-bola sy ny vola lany tamin'ny tetikasa, ny fisahanan-drahara na ireo antokon-drahara han'ny mpisambotra ka nampiandraiketiny ny fanatanterahana ny tetikasa na ny ampahany. Manaraka ny fenitry ny fikajiana kaonty ny firaketana.

Misy andraikitrity ny mpisambotra amin'izany.

- i) Mampanao fanamarinana ny kaonty sy ny bokim-bola ambaran'ny andalana (a) amin'ity sokajy ity isaky ny taonam-pitantanam-bola, araka ny foto-pisainana takian'ny fanaovana fanamarinana ao anatin'ny fahaleovantena tanteraka sy ankatoavin'ny fikambanana. Tafiditra anatin'izany ny kaonty sy ny bokim-bolan'ny kaonty manokana.
- ii) Manolotra amin'ny fikambanana ao anatin'ny fotoana faran'izay haingana, enim-bolana raha ela indrindra na ahoana na ahoana, aorian'ny fifararan'ny taom-pitantanam-bola ireto zavatra ireto : A) dika mitovy sy voamarina ny bokim-bola voalaza ao amin'ny andalana (a) teo isaky ny taom-piasana voamarina; ary B) ny hevitrin'ny olona mpanamarina ireo bokim-bola ireo mbamin'ny tatitry ny fanamarinana ka misy fiantefany sy lanjany nofaritan'ny fikambanana araka ny tokony ho izy sady misy taratasy manafatrafatra momba ny fanaraha-maso anaty ataon'ny mpisambotra ka mifandraika amin'ny fanomezam-baovao tsy maintsy ampiarahina amin'ny tatitra tsirairay.
- iii) Mampita vaovao hafa amin'ny fikambanana mikasika ireo kaonty sy bokim-bola ary ny fanamarinana azy ireo ka mety hangatahan'ny fikambanana araka ny tokony ho izy.

Momba ny fandaliana rehetra akana vola ao amin'ny kaontim-pampisamboram-bola ka ilana filazam-pandaniana ny fakana ny vola, dia anjaran'ny mpisambotra ny manao ireto zavatra ireto.

Mitàna na mampitàna bokim-bola sy kaonty mirakitra an-tsoratra ny fandaliana araka ny andalana (a) amin'ity sokajy ity.

Mitahiry ny bokim-bola rehetra (fifanekena, fanafarana, filazam-bidy, taratasy voaray na karazan-taratasy fanamarinana hafa) maneho fa mari-pototra ny fandaliana. Izany dia atao farafahakeliny herintaona aorian'ny andraisian'ny fikambanana ny tatitrin'ny olona mpanamarina ny taom-pitantanam-bola ka nakàna vola farany tao amin'ny kaontim-bola.

Mamela ireo solontenan'ny fikambanana handinika ireo bokim-bola ireo.

Manao izay hidiran'ireo kaonty sy bokim-bola ireo ao anatin'ny fanamarinana isan-taona araka ny voalazan'ny andalana (b) amin'ity sokajy ity. Manao ny hidiran'ny hevity ny mpanamarina ao anatin'ny tatitr'izy ireo ka anondroana raha azo ifaharana ny fitanana ny kaontim-pandaniana tamin'io taom-piasana io ary raha azo ifaharana ireo paika narahina sy ny fanaraha-maso anatiny izay nampiasaina ho fanamarinana ny fakàm-bola mifandraika amin'izany.

Sokajy 4.02.

- a) Manomana tatitra mikasika ny fanaraha-maso ny raharaha-bola ny mpisambatra ary mampahafantatra izany amin'ny fikambanana. Jeren'ny fikambanana izany raha mahafa-po azy, na eo amin'ny fomba fanehoana na ny votoatiny, ka ireto no antsipiriany tsy maintsy hita ao.
- i) Aseho ny fiavian'ny volan'ny tetikasa sy ny fampiasana azy, na amin'ny fitambarany na mandritry ny fotoana voakasiky ny tatitra. Ambaran'io tatitra io miavaka tsara ny fandaniana nampiasana ny volan'ny tahiry sy ny tsy nahafahana nampiasa ny vola raha oharina amin'ny vinavina natao.
- ii) Ambara ny fizotry ny tetikasa, na amin'ny fitambarany na mandritry ny fotoana voakasiky ny tatitra. Ambaran'io tatitra io ny elanelana misy eo amin'ny tanjona tokony ho tratra tamin'ny fanatontosana ny asa araka ny namaritana azy mialoha sy ny ezaka vita mba hahatrarana ireo tanjona ireo.
- iii) Mampiseho ny fizotry ny fifaneken'antoky ny tetikasa any amin'ny fifaranan'ny fe-potoana voakasiky ny tatitra.

b) Ny RSF voalohany dia ampahafantarina ny fikambanana 45 andro raha ela indrindra aorian'ny fifaranan'ny telovolana manaraka ny vaninandro mampanan-kery ny fifanaraham-bola ary mahasahana ny fotoana eo anelanelan'ny anaovan'ny tetikasa ny fandaniana voalohany sy ny faran'izany telo volana izany. Amin'ny manaraka ny RSF dia ampahafantarina ny fikambanana 45 andro raha ela indrindra aorian'ny fifaranan'ny telovolana ary mahasahana io telovolana io.

ANDININY FAHADIMY

FOMBA FAHAZOANA MANDINIKA INDRAY NY FANAPAHAN-KEVITRA

Sokajy 5.01. Ho fampiharana ny sokajy 6.02 (1) raketin'ny fepetra ankabopeny dia marihina manokana ireto toe-javatra manaraka ireto:

Ny fitrangan-javatra mety tsy hahatomombana ny fanatanterahan'ny fandaharanasa na ny ampahtany betsaka ao aminy;

Tsapa fa tsy mahafa-po na misy lesoka be ny fanatanterahana ny fandaharanasam-pikojakojandalana tenenin'ny fizarana C.1 araka ny fanamarinana teknika sy ny fitantanam-bola voalazan'ny fizarana C.2;

Tsy manan-kery amin'ny 31 desambra 2003 na vaninandro hafa aty aoriana izay nifanarahana tamin'ny fikambanana ny iray amin'ny fifanaraham-pamatsiam-bola. Mazava anefa, na izany aza, fa tsy azo ampiharina ny fepetra voalazan'ity andalana ity raha toa ny mpisambatra maneho amin'ny fikambanana amin'ny fomba mahafa-po azy fa mety hahazo famatsiam-bola hafa izay ampy hanatanterahana ny tetikasa, miaraka ny fepetra hahafahany miantsoroka izany mba ho fampiharana ity fifanarahana ity.

i) Tsy tohinina ny fepetran'ny andalana (ii) amin'ity andalana raha toa mitranga ireto toe-javatra ireto.

Raha toa misy fampiantoana na fanafoanana tanteraka na ampahany ny zon'ny mpisambatra haka vola amin'ny fanampiana na fisamboram-bola azony amin'ny alalan'ny fifanaraham-pamatsiam-bola miaraka, na ajanona manontolo na ampahany, mba ho fampiharana ny fifanaraham-pamatsiam-bola iarohana izay manome ilay fanampiana tsy averina na ilay vola trosaina.

Raha toa azo takiana mialoha ny fotoana nifanarahana ny iray amin'ireo vola nampitrosaina.

ii) Tsy ampiharina ny laharana (i) amin'izao andalana izao raha toa ny mpisambatra afaka mandresy lahatra ny fikambanana : A) fa ny fampiantoana, fanafoanana, fahataperana na fahazoana mitaky mialoha ny fotoana dia tsy vokatry ny tsy fanarahany mpisambatra ny iray amin'ny adidiny amin'ny fanatanterehana ny fifanarahana ; ary B) raha toa ny mpisambatra afaka mandresy lahatra ny fikambanana fa mety hahazo vola ampy avy amin'ny loharanom-bola hafa mba hanatontosana ny tetikasa araka ny fepetra hahafahany miatrika ny adidiny amin'ny fanatanterehana ity fifanarahana ity.

e) Misy toe-javatra tsy ampoizina mitranga aorian'ny fahavitan'ny sonian'ny fifanaraham-pamindram-pitantanana ny seranan-tsambo sy ny lalam-by amin'ny mpandrahara. Noho io toe-javatra io dia mampisalasala fa tsy ho vitan'ny mpiantoka ny manefa ny adidiny amin'ny fitrandrahana ny seranan-tsambo sy ny lalam-by, na ny iray, araka ny takian'ny fifanarahana momba ny fandraisan'ny mpandrahara ny seranan-tsambo na ny lalam-by, na tsy ho tratrany ny tanjona takian'ny fifanarahana fandraisan'ny mpandrahara ny seranan-tsambo na ny lalam-by, na ny iray. Mazava ho azy anefa fa tsy azo ampiharina ny fepetra ambaran'ity andalana ity raha maneho amin'ny fikambanana amin'ny fomba mahafa-po azy ny mpisambatra fa naka fepetra mahafapo ny fikambanana izy mba hisian'ny fitantanana sy ny fitrandrahana lavorary ny zotran-dalam-by ilany atsimo sy ny seranan-tsambon'i Manakara.

Sokajy 5.02. Ho fampiharana ny sokajy 7.01 (h) ambaran'ny fepetra ankabopeny dia ireto misy toe-javatra marihina manokana.

Mitranga ary maharitra enimpolo andro aorian'ny ampahafantarany fikambanana ny mpisambatra ny toe-javatra soritan'ny andalana (b) ao amin'ny sokajy 5.01.

Mitranga ny toe-javatra soritan'ny andalana (d) (i) (B) ao amin'ny sokajy 5.01 nefo tsy tohinina ireo fepetra ambaran'ny andalana (d) (ii) amin'io sokajy io.

Mitranga ny toe-javatra soritan'ny andalana (e) ao amin'ny sokajy 5.01.

ANDININY FAHA-ENINA VANINANDRO MAMPANAN-KERY NY FIFANARAHANA SY NY FAHATAPERANY

Sokajy 6.01. Araka ny voalazan'ny sokajy 12.01 (b) ao amin'ny fepetra ankabopeny dia fepetra maro no iankinan'ny fanombohan'ny fifanaraham-pampisamboram-bola. Ireto izany fepetra izany.

Anokafana kaonty amin'ny fomba ara-dalàna ny tetikasa ka apetraka ao ny vola aloa any amboalohany mba ho fanarahana ny voalazan'ny sokajy 3.05 (b) amin'ity fifanarahana ity.

Mametraka fitantanana sy fikajiana ny raharahanam-bola eken'ny fikambanana ny mpisambatra

ary mampiasa ireo mpanao fanamarinana voalazan'ny sokajy 4.01 (b). Manaraka fepetra sy ny famarafarana eken'ny fikambanana ny fanaovana izany sady manaraka ny fepetra ambaran'ny sokajy II ao amin'ny tovana fahatelon'ity fifanarahana ity.

Eken'ny mpisambotra amin'ny fomba ara-dalàna ny drafi-panatanterahana ny tetikasa ka eken'ny fikambanana ny votoatiny sy ny fanehoana azy.

Raisina hiasa amin'ny fomba ara-dalàna ny mpikajy raharaha-bola sy ny mpahay solosaina voalaza ao amin'ny andalana faha-efatr'ity tovana faha-efatr'ity fifanarahana ity. Manaraka ny fepetra sy ny famarafarana eken'ny fikambanana ny fanaovana izany sady araka ny fepetra ambaran'ny sokajy II ao amin'ny tovana fahatelon'ity fifanarahana ity.

Sokajy 6.02. Soritana manokana fa sivifolo andro aorian'ity fifanarahana ity ny vaninandro ampiharana ny sokajy 12.04 voalazan'ny fepetra ankapobeny.

Sokajy 6.03. Mitsahatra amin'ireto vaninandro roa ireto ny andraikitry ny mpisambotra mba ho fampiharana ny andininy fahatelo sy faha-efatr'ity fifanarahana ity. Ny iray amin'ireo vaninandro ireo no migadona voalohany: na ny daty ifaranan'ny fifanaraham-pisamboram-bola ho fampandrosoana na dimy ambin'ny folo taona aorian'ity fifanarahana ity.

ANDININY FAHAFITO

FISOLOAN-TENA NY MPISAMBOTRA; ADIRESY

Sokajy 7.01. Ny minisitra miandraikitra ny fitantanam-bola no solontenan'ny mpisambotra amin'ny fampiharana ny sokajy 11.03 ambaran'ny fepetra ankapobeny.

Sokajy 7.02. Soratana mazava ny adiresy voalaza manaraka eto ho fampiharana ny sokajy 11.01 ambaran'ny fepetra ankapobeny:

Avy amin'ny mpisambotra:

Minisiteran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola
BP 61
Antananarivo 101
MADAGASCAR

Adiresy telegrafika:

MFB
Antananarivo

Telekôpia:

(261) 20 22 345 30

Avy amin'ny fikambanana:

Fikambanana Iraisam-pirenena momba ny Fampandrosoana
1818 H Street, N.W.
Washington, D.C. 20433
Etats-Unis d'Amérique

Adiresy telegrafika : Télex : Telekopia :

INDEVAS 248423 (MCI) na (202) 477-6391
Washington, D.C. 64145(MCI)

Araka ireo voalaza rehetra ireo dia nampanao sonia ity fifanarahana ity tamin'ny anaran'ny solontenan'izy ireo avy ny andaniny sy ankilany. Tany amin'ny Disitrikan'i Columbia, any Etazonia*, no nanaovana izany ny andro sy taona voalaza etoana.

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA

Solontena nahazo alalana

FIKAMBANANA IRAISAM-PIRENENA MOMBA NY FAMPANDROSOANA

Filoha Lefitry ny faritra Afrika

* Teny anglisy no rijan-teny fototra nosoniavina tamin'ity fifanarahana ity

TOVANA VOALOHANY

FAKANA VOLA AO AMIN'NY TAHIRY

1. Asehon'ny tabilao eto ambany ny fitaovana sy asa ary fisahanan-draharaha isan-tsokajiny tsy maintsy vatsiana vola avy amin'ny tahiry, ny totalin'ny vola isaky ny sokajy tsirairay ary ny isanjaton'ny vola lany amin'ny asa, ny fitaovana na ny fisahanan-draharaha nahazoan-dalana mba ho

vatsiana vola isaky ny sokajiny.

Sokajy	<u>Totalin'ny vola atokana</u> <u>(Amin'ny vola DTS)</u>	<u>Isan-jaton'ny fandaniambola</u>
1. Asa vaventy		100% hatramin'ny desambra 2003; manaraka: 100% amin'ny fandaniana vola vahiny sy 80% amin'ny fandaniana vola malagasy.
a) Fizarana D.1 amin'ny tetikasa	5.090.000	
b) Fizarana D.2 amin'ny tetikasa	1.410.000	
c) Zavatra hafa	38.000.000	
2. Kojakoja	160.000	100% hatramin'ny desambra 2003; manaraka: 100% amin'ny fandaniana vola vahiny sy 80% amin'ny fandaniana vola malagasy.
3. a) Fisahanan-draharahan'ny mpiasa an-tselika sy ny mpanamarina	8.540.000	100% hatramin'ny desambra 2003; 80% ny manaraka.
b) Fanofanana	540.000	
Fampandehanan-draharaha	190.000	100% hatramin'ny desambra 2003; 80% ny manaraka.
5. Tsy ampiasaina	6.770.000	
TOTALINY	60.700.000	

Fanamarihana: Natao mifantana amin'ny lalàna manan-kery ao amin'ny firenena misy ny mpisambotra ireo tahan'ny fandaniana ireo ka hahafahana araka izany tsy mandoa ny hetra sy ny haban-tseranana alain'ny mpisambotra ambonin'ny vidin'ny kojakoja sy ny saran'ny asa mbamin'ny fisahanan-draharaha. Mazava ho azy fa arindra ireo taha ireo mba hifanaraka amin'ny zava-misy araka ny voalazan'ny sokajy 5.08 ao anatin'ny fepetra ankabobeny raha misy fanovàna ny lalàna, na ny mampanan-kery azy na ny fampiharana azy, ka mahatonga ho azo atao na tsy maintsy atao ny fakàna hetra na haban-tseranana amin'ireo kojakoja sy asa ary fisahanan-draharaha.

Ho fanatanterahana ny voalazan'ity tovana ity dia tsara fantarina ny dikan'ireto voambolana ireto.

Ny hoe “fandaniana amin'ny vola vahiny” dia ny fandaniana aloa amin'ny volan'ny firenen-kafa mba hividianana fitaovana na ho saran'ny fisahanan-draharaha avy any ivelan'ny firenena misy ny mpisambotra.

Ny hoe “fandaniana amin'ny vola malagasy” dia ny fandaniana aloa amin'ny volan'ny mpisambotra mba hividianana fitaovana na ho saran'ny fisahanan-draharaha eo amin'ny firenena misy ny mpisambotra.

Ny hoe ”saran'ny fampandehanan-draharaha” dia ny vola fanampiny izay lany amin'ny fampandehanan-draharaha ao anatin'ny tetikasa: karaman'ny mpiasa mpanampy eo an-toerana izay ampiasaina mandritra ny fotoana voafetra, vola itsinjovana ny mpiasa amin'ny lafiny sosialy, tambim-bola omena ny olona alefa mamita iraka, hofan'ny fitaovana sy fikojakojana

azy, fikojakojana sy fanamboarana fiarakodia, hofan'ny birao sy fikojakojana azy, vidin'akora sy fitaovana, adidy amin'ny fiaraha-monina, fifandraisana, saran-draharaha amin'ny banky.

Na eo aza ny fepetra voalazan'ny andalana voalohany etsy ambony dia misy toe-javatra tsy ahazoana maka vola. Ireto izany:

- a) Tsy azo atao ny maka vola handoavana ny lany tamin'ny fotoana mialohan'ity fifanarahana ity.
- b) Tsy azo atao ny maka vola handoavana ny lany voalazan'ny sokajy (1) (a) amin'ny tabilaon'ny andalana voalohany eo aloha, afa-tsy amin'ireto toe-javatra ireto:
 - i) voalohany, raha toa ny mpisambotra nanao fifanarahaman-pamindram-pitantanana ny lalam-by tamin'ny mpiandraikitra ny fampiasana ny lalam-by na nandray fepetra hafa neverin'ny fikambanana fa mahafa-po mba hitrandrahana sy hitantanana amin'ny fomba mendrika ny zotrandalam-by ilany atsimo; ary ii) faharoa, momba ny fizarana D.1 amin'ny tetikasa, raha toa ny mpisambotra nanao fanadihadiana momba ny tontolo iainana sy namolavola drafi-pitantanana ny tontolo iainana izay samy neverin'ny fikambanana fa mahafa-po.
- c) Tsy azo atao ny maka vola handoavana ny lany voalazan'ny sokajy (1) (b) amin'ny tabilaon'ny andalana voalohany eo aloha, afa-tsy amin'ireto toe-javatra ireto:
 - i) voalohany, raha toa ny mpisambotra nanao fifanaraham-pamindram-pitantanana ny seranan-tsambo tamin'ny mpiandraikitra ny fampiasana ny seranan-tsambo na nandray fepetra hafa neverin'ny fikambanana fa mahafa-po mba hitrandrahana sy hitantanana amin'ny fomba mendrika ny seranan-tsambon'i Manakara; ary ii) faharoa, momba ny fizarana D.2 amin'ny tetikasa, raha toa ny mpisambotra nanao fanadihadiana momba ny tontolo iainana sy namolavola drafi-pitantanana ny tontolo iainana izay samy neverin'ny fikambanana fa mahafa-po.
- d) Tsy azo atao ny maka vola handoavana ny lany mandritry ny taom-pitantanam-bola ka ampiharana ny voalazan'ny sokajy (3) (b) ao amin'ny tabilaon'ny andalana voalohany teo raha tsy hoe misy fandaharam-potoam-panofanana isan-taona nalefa any amin'ny fikambanana ka nankatoaviny ary raha tsy hoe tafiditra ao anatin'io fandaharam-potoam-panofanana isan-taona io sy mifanaraka aminy ary ankatoavin'ny fikambanana ny vola neverina ho laniana.

4. Azon'ny fikambanana atao ny mampiasa ny fanambaram-pandaniana mba hangatahany ny vola halaina ao amin'ny kaonty ka handoavana ny lany amin'ireto zavatra ireto:

Ny asa vita latsaka ny 150.000 dôlara;

- ii) Ny fitaovana novidina latsaky ny 100.000 dôlara;
- iii) Ny fisahanan-draharaha notontosain'ny mpiasa an-tselika sy mpanamarina latsaky ny 50.000 dôlara ho an'ny birao mpanao fanadihadiana ary latsaky ny 30.000 dôlara ho an'ny mpanao asa an-tselika miahya tena;
- iv) Ny saran'ny fampandehanan-draharaha;
- v) Ny fanofanana. Manaraka ny fepetra nampahafantarin'ny fikambanana ny mpisambotra ireo rehetra ireo.

TOVANA FAHAROA

FAMARI PARITANA NY TETIKASA

Maro ny tanjona kendren'ny tetikasa : manana toeram-pifanankalozana na tsena ny tantsaha, afaka mandeha an-tsekoly sy mamonjy toeram-pitsaboana, misy fotodrafitrasa miantoka ny fiaiany amin'ny lafin'ny toekarena sy sôsialy, tsy mananontsarotra ny fivezivezen'ny mponina ambanivohitra ary, noho izany, mihatsara ny farim-piaiany sady mivoatra ny fampandrosoana ny toekarena.

Raha tsy hoe misy fanovana ny tetikasa mety hifanarahan'ny mpisambatra sy ny fikambanana mba hahatratrana ireo tanjona ireo, dia mizara dimy ny votoatin'ny tetikasa. Ireto avy izany.

Fizarana A : Fanamafisana ny fahafaha-manatanteraka ny paikady sy ny politikam-pitaterana ambanivohitra.

Torohevitra amin'ny lafiny teknika sy fanohanana ho enti-manampy ny sampan'asa misahana ny fitaterana ambanivohitra (CTR) amin'ny fampiharany ny paikady sy ny politikam-pitaterana ambanivohitra. Anisan'izany ireto:

Fanamasina ny fahafahan'ny CTR mandrindra sy manara-maso ny fampiharana ny paikady sy ny politikam-pitaterana ambanivohitra ary fanaraha-maso ny fizotrany;

Fanohanana sy fanoroan-kevitra ny vondrombahoaka itsinjaram-pahefana mikasika ny fitantanan'izy ireo ny lalana any aminy;

Fampahafantarana sy fanabeazana ny olona hahafantatra ny paikady sy ny politikam-pitaterana ambanivohitra, ny sata mifehy ny lalana, ny tahirim-pikojakojan-dalana, ny VIH-SIDA sy ny olana hafa eo amin'ny fiaraha-monina. Ampiasaina amin'izany rehetra izany ny filazam-baovao sy ny serasera.

Fizarana B : Fanarenana ny fotodrafirasam-pitaterana ambanivohitra.

1. Fanatanerahana ny fandaharan'asam-panajarian-dalana ambanivohitra mahatratra 9000 kilaometara. Nandray anjara tamin'ny fisafidianana azy ireo ny solontenan'ny mponina sady nojerena koa ireto fepetra ireto : tsy lafo loatra ny vidin'ny fanatsarana isaky ny ampanhan-dalana miantoka fivezivezena maharitra, ny hamaron'ny mponina trtry ny lalana, ny lafin'ny fiaraha-monina sy tontolo iainana ary ny laharam-pahamehana eo amin'ny fampandrosoana.

2. Fanatanerahana fandaharanasa atao filamatra ho enti-mamaritra sy manao asa mampivoatra ny fotodrafirasam-pitaterana any amin'ny vahoaka.

Fizarana C : Fikojakojana ny lalana ambanoivohitra.

1. Fanatanerahana fandaharanasam-pikojakojan-dalana. Tsy an-kiato sy mielanelana taona maro ny fikojakojana, mahazo vola avy amin'ny FER sy iantohan'ny faritany mbamin'ny kaominina.
2. Fanaovana fanamarinana teknika sy mikasika ny fitantanam-bola. Kendrena amin'izany ny hahazoana vaovao mikasika ny fizotry ny fandaharan'asam-pikojakojana.

3. Fanoroan-kevitra amin'ny lafiny teknika, fanampiana ho enti-manatevina ny fahafaha-manao ny FER sy hampahomby azy misimisy kokoa.

Fizarana D : Fanarenana ny lalam-by Fianarantsoa-Manakara.

1. Fanarenana ny zotran-dalàm-by ilany atsimo sady fanatsarana indrindra ny fotodrafitrasa.
2. Fanarenana ny seranan-tsambon'i Manakara sady fanatsarana indrindra ny fotodrafitrasa, famerenana amin'ny laoniny ny fitarihan-tsolika ary fampiharana fepetra fiarovana ny tontolo iainana.

3. Asa iarahan'ny vahoaka manao mba hiarovana ny tany mitsotsorika tsy hikoa ary ho fandaminana ny fiainam-bahoaka.

Fizarana E : Fampiroborobona ny fitaovam-pitaterana tsotsotra.

1. Fanoloran-kevitra ho enti-manohana a) ny fanomanana ireo sehatra kely miahya tena manana finiavana te-hanao zavatra sy ireo fikambanana tsy mitady tombom-barotra. Kendrena ny fanatsarana ny fahafahan'ny mponina ambanivohitra mivezivezy. Atao noho izany ny hampiroborobo ny fampiasana ny teknika mifototra amin'ny fitaovam-pitaterana misy kodiarana roa na ny fampiasana azy ireo amin'ny fomba mahomby kokoa, ny hampiroborobo ny fitaterana an-tsarety entin'olona na tarihim-biby, ny fitaterana ambony rano na ireo fombam-pitaterana mifameno. Misy koa fanoloran-kevitra ho enti-manohana b) ny fanatanterahana sy fanarahamaso ary fanombatombanana ireny fananana finiavana ireny.

2. Fanaovana fanadihadiana izay andraisan'ny mponina anjara, fiaraha-misalahy amin'ny asam-pikarohana sy fampandrosoana. Kendrena amin'izany ny famantarana ny olana mahazo ny fitaterana ambanivohitra sy ny famahana olana.

3. Fanofanana, atrikasa, famoahana asa an-tsortra, fifanakalozana eo amin'ny olona samy matihanina, lahasa iarahan'ny olona na fikambanana ampifandraisin'ny tarigetra mitovy. Kendrena amin'izany ny fanatevenana ny fahafaha-manao sy ny fahalalana manokana io sehatry ny fitaterana io ary ny fanamorana ny fiaraha-miasa eo amin'ny olona mpampiasa ireo fitaovam-pitaterana ireo sy ny mpitrandraka azy ary ny mpandrahara.

4. Fanajariana lalan-drano sy fiantsonana amin'ny toerana sasatsasany mba hanatsarana ny fotodrafirasam-pitaterana an-drenirano.

* * *

Mifarana ny 31 desambra 2008 ny tetikasa.

TOVANA FAHATELO

FANDRAIKETANA FIFANEKEN'ANTOKA SY ASAN'NY MPIASA AN-TSELIKA

Sokajy I - Fandraiketana fifanaraham-barotra mikasika fitaovana sy asa

Fizarana A: Amin'ny ankapobeny

Ny fifaneken'antoka mikasika fitaovana sy asa dia atao araka ny fepetra ambaran'ny sokajy voalohany amin'ny "Toromarika momba ny fifaneken'antoka ahazoana vola avy amin'ny fampitrosana ataon'ny Banky iraisam-pirenena sy IDA" navoakan'ny Banky iraisam-pirenena tamin'ny volana january 1995 ary natao tsy maty paikandro tamin'ny volana january sy aogositra 1996 ary septambra 1997 sy january 1999 (Toromarika). Manampy izany ny fepetra ampahafantarina ao amin'ireto fizarana manaraka ao anatin'ity sokajy voalohany ity.

Fizarana B: Fitaomana hanao tolo-bidy iraisam-pirenena

Raha tsy miova ny fepetra lazain'ny fizarana C amin'ity sokajy ity dia raketina ny fifaneken'antoka momba ny asa araka ny fepetran'ny sokajy faharoan'ny toromarika sy ny andalana fahadimy amin'ny tovana voalohan'io toromarika io.

Ampiharina amin'ny fifaneken'antoka momba ny asa tsy maintsy raketina ireto fepetra ireto araka ny voalazan'ny andalana voalohany amin'ny fizarana B.

a) Fifantenana mialoha

Ny fifaneken'antoka hanatanterahana asa vaventy ambaran'ny fizarana D.1 amin'ny tetikasa dia atao amin'ny alalan'ny fifantenana mialoha ireo mpifaninana araka ny voalazan'ny andalana 2.9 sy 2.10 anatin'ny toromarika.

b) Fifaneken'antoka mitambatra

Avondrona ho andiany maromaro araka izay azo atao ny fifaneken'antoka mitentina 150.000 dôlara na mihoatra.

c) Filazana sy fampahafantarana ny besinimaro

Tsy maintsy avoaka ho fantavy ny besinimaro ny filazam-pifantenana mialoha na ny fitaomana hanao tolo-bidy momba ny fifaneken'antoka mitentina 150.000 dôlara na mihoatra araka ny fepetra ampiharina amin'ny fifaneken'antoka ambony totalim-bidy araka izay voalaza ao amin'ny andalana 2.8 anatin'ny toromarika.

d) Safidianina manokana ny mpandrahahaha eto an-toerana

Ampiharina amin'ny asa tsy maintsy tanterahin'ny mpandrahahaha avy ao amin'ny firenena misy ny mpisambatra ny fepetran'ny andalana 2.54 sy 2.55 ambaran'ny toromarika sy ny tovana faharoany.

Fizarana C: Fomba hafa fandraiketana fifaneken'antoka

Fitaomana hanao tolo-bidy eto an-toerana

Azo atao araka ny fepetra voalazan'ny andalana 3.3 sy 3.4 ambaran'ny toromarika ny

fifaneken'antoka fanaovana asa izay tombanana ho latsaky ny 150.000 dôlara ny vidiny na mahatratra 28.600.000 dôlara raha be indrindra ary ny fifaneken'antoka momba ny kojakoja. Misy anefa, na izany aza, pitsopitsony arahina.

- i) Atao ao anaty valopy ny tolo-bidy rehetra ary sokafana ampahibemaso.
- ii) Ampahafantarina ny mpifaninana rehetra ary ampiharina tsy amim-piangarana ny fomba fanao amin'ny fanombana ny tolo-bidy sy fandraiketana ny fifaneken'antoka.
- iii) Omena fotoana ampy tsara (iray volana) ny mpanao tolo-bidy rehetra hanomananay sy hanaterany ny tolo-bidiny.
- iv) Ambara mazava tsara ao amin'ny antontan-taratasim-pitaomana hanao tolo-bidy ny fenitra mifandraika amin'ny fanombana ny tolo-bidy sy ny fifantenana ny mpanao tolo-bidy. Tsy asiana fiangarana izany.
- v) Tsy sakana handray anjara ny orinasa afaka manao izany.
- vi) Tsy mahazo tombondahiny manokana ny mpamatsy entana avy eto an-toerana.
- vii) Omena ny mpanao tolo-bidy tsara tolo-bidy indrindra ny fifaneken'antoka araka ny fombafomba voafaritra mialoha sy isian'ny mangarahara.
- viii) Ambaran'ny tatitra atao aorian'ny fanombana ny tolo-bidy ny antony tsy naha-mety ka tsy nahalany ny tolo-bidy.
- ix) Mialoha ny fitaomana voalohany hanao tolo-bidy dia omanina ireo antontan-taratasy momba izany ary alefa any amin'ny fikambanana ka anjarany ny milaza fa azo ekena izy ireo.

2. Fiantsoana ny mpamatsy entana eto an-toerana

Azo raiketina ny fifananek'antoka hividianana fitaovana latsaka ny 30.000 dôlara na mahatratra 150.000 dôlara raha be indrindra, araka ny fombafomba fiantsoana ny mpamatsy entana eto an-toerana sady tsy mivaona amin'ny fepetran'ny andalana 3.5 sy 3.6 ambaran'ny toromarika.

Fizarana D: Fandinihan'ny fikambanana ireo fanapahan-kevitra momba ny fifaneken'antoka

Drafi-pifaneken'antoka

Alefa any amin'ny fikambanana mba hofakafakainy sy hankatoaviny ny drafi-pandraiketam-pifanaraham-barotra eritreretina ho an'ny tetikasa mialoha ny famoahana ampahibemaso ny filazam-pitaomana hanao tolo-bidy fifaneken'antoka. Manaraka ny fepetran'ny andalana voalohany amin'ny tovana voalohany ambaran'ny toromarika ny drafitra ny fanaovana izany. Atao manaraka io drafitra fifanenken'antoka nakantoavin'ny fikambanana io sady manaraka ny fepetra lazain'io andalana io ireo fifaneken'antoka rehetra hividianana fitaovana sy hanaovana asa.

Fandinihana mialoha

Ampiharina amin'ny fifaneken'antoka asa rehetra mitentina 150.000 dôlara na mihoatra sy amin'ny fifaneken'antoka rehetra hividianana fitaovana mitentina 100.000 dôlara na mihoatra ireo fombafomba arahina voalazan'ny andalana faharoa sy fahatelon'ny tovana voalohany ambaran'ny toromarika.

Fandinihana miainga amin'ny toe-javatra teo aloha

Ampiharina amin'ny fifaneken'antoka tsy voafehin'ny andalana faharoan'ity fizarana ity ireo fombafomba arahina voalazan'ny andalana faha-efatry ny tovana voalohany ambaran'ny toromarika.

Sokajy II - Fampiasana mpiasa an-tselika

Fizarana A: Amin'ny ankapobeny

Ny fifanaraham-panaovan-dahasa iantsoana mpiasa an-tselika dia raiketina araka ny fepetran'ny teny fampidirana sy ny sokajy faha-efatry ny "Toromarika : fifatenana sy fampiasan' ny mpisambom-bolan'ny Banky iraisam-pirenena mpiasa an-tselika". Navoakan'ny fikambanana tamin'ny january 1997 io toromarika io ary natao tsy maty paikandro tamin'ny septambra 1997 sy ny january 1999 (Toromarika momba ny fampiasana mpiasa an-tselika) sady manaraka ny fepetra lazain'ireo fizarana ao anatin'ny sokajy faharoa manaraka ireto.

Fizarana B: Fifantenana mifototra amin'ny hatsarana teknika sy ny sara

Raha tsy hoe misy fepetra mifanipaka ao amin'ny fizarana C anatin'ity sokajy ity, ny fifanaraham-panaovan-dahasa iantsoana mpiasa an-tselika dia raiketina araka ny fepetran'ny sokajy faharoan'ny toromarika momba ny fampiasana mpiasa an-tselika, andalana fahatelon'ny tovana voalohany anatin'io toromarika io, ny fepetra lazain'ny tovana faharoa ao amin'io tovana io sy ny fepetran'ny andalana 3.13 ka hatramin'ny 3.18 raketin'io tovana io izay ampiharina amin'ny fifantenana mpiasa an-tselika. Omen-danja amin'izany fifantenana izany ny sara sy ny hatsarana teknika.

Ampiharina amin'ny fifanaraham-panaovan-dahasa iantsoana mpiasa an-tselika ary araka ny fepetran'ny andalana voalaza teo izao fepetra izao : momba ny lahsa voalazan'ny fizarana B ka hatramin'ny D ao amin'ny tetikasa ka latsaky ny 100.000 dôlara isanisany dia tsy tokony hisy afa-tsy ny mpiasa an-tselika eto an-toerana ao anatin'ny lisitra voafetra anoratana ny mpiasa an-tselika. Izany no ambaran'ny andalana 2.7 amin'ny toromarika momba ny fampiasana mpiasa an-tselika.

Fizarana C: Fomba hafa fifatenana mpiasa an-tselika

1. Fifantenana mifototra amin'ny fahaiza-manaon'ny mpiasa an-tselika

Azo raiketina araka ny fepetran'ny andalana 3.1 sy 3.7 ambaran'ny toromarika momba ny fampiasana mpiasa an-tselika ny fifanaraham-panaovan-dahasa izay latsaka ny 50.000 dôlara ny saran'ny tsirairay.

2. Mpiasa an-tselika miahys tena

Mpiasa an-tselika no ampanaozina ny fifanaraham-dahasa tandrify ny andraikitra faritan'ny fepetra ambaran'ny andalana 5.1 anatin'ny toromarika momba ny fampiasana mpiasa an-tselika. Izany dia araka ny fepetra voalazan'ny andalana 5.1 ka hatramin'ny 5.3 amin'ny toromarika momba ny fampiasana mpiasa an-tselika.

3. Fifanarahana mivantana

Azo raiketina raha toa ka mahazo fanekena mialoha avy amin'ny fikambanana ny fifanaraham-panaovan-dahasa ambaran'ny fizarana A, D sy E amin'ny tetikasa iray mitentina latsaka ny 100.000 dôlara. Manaraka ny fepetran'ny fampiasana mpiasa an-tselika izany, araka ny andalana 3.8 ka hatramin'ny 3.11 anatin'ny toromarika.

Fizarana D : Fanadihadiana ataon'ny fikambanana momba ny fifatenana mpiasa an-tselika

1. Drafi-pifantenana

Alefa any amin'ny fikambanana mba ho dinihiny sy hankatoaviny ny drafi-pifantenana mpiasa an-tselika mialoha ny hanaparitahana ny fangatahana soso-kevitra, araka ny fepetra voalazan'ny andalana voalohan'ny tovana voalohan'ny toromarika momba ny fampiasana mpiasa an-tselika.

Manaraka ny drafi-pifantenana nankatoavin'ny fikambanana sy ny voalazan'ny andalana voalohany ny fifantenana mpiasa an-tselika.

2.Fandinhana mialoha

Ampiharina amin'ny fifanarahana atao amin'ny orinasan'ny mpiasa an-tselika miahya tena ny fombafomba tanisaina ao amin'ny andalana voalohany sy faharoa, afa-tsy ny andalana fahatelo amin'ny andalana faharoa (a), sy ao amin'ny andalana fahadimin'ny tovana voalohan'ny toromarika momba ny fampiasana mpiasa an-tselika. Ny fifanarahana mitentina 100.000 dôlara na mihoatra no voakasik'izany.

Ampiharina amin'ny fifanarahana atao amin'ny fampiasana orinasan'ny mpiasa miahya tena ny fombafomba tanisaina ao amin'ny andalana voalohany sy faharoa, afa-tsy ny andalana fahatelo amin'ny andalana faharoa (a), sy ao amin'ny andalana fahadimin'ny tovana voalohan'ny toromarika momba ny fampiasana mpiasa an-tselika. Ny fifanarahana mitentina 50.000 dôlara na mihoatra nefo latsaka ny 100.000 dôlara no voakasik'izany.

Alefa any amin'ny fikambanana mba ho dinihina sy hankatoaviny ny fahaiza-manao, ny maha-za-draharaha, ny filazalazana momba ny asa hatao sy ny fifanarahana amin'ny fanatanterahana ny asa. Ny fifanarahana atao amin'ny mpiasa an-tselika miahya tena ka mitentina 30.000 dôlara no voakasik'izany. Tsy raikitra ny fifanarahana raha tsy mahazo ilay fankatoavana.

3.Fandinhana miainga amin'ny toe-javatra teo aloha

Ampiharina amin'ny fifanarahana tsy voafehin'ny andalana faharoan'ity fizarana ity ny fombafomba voalazan'ny andalana fahefatrty ny tovana voalohan'ny toromarika momba ny fampiasana mpiasa an-tselika.

TOVANA FAHA-EFATRA

FANDAHARANA NY ASA HATAO

1. Mametraka sy mitandro ireto rafitra ireto ny mpisambotra.

Sekretaria mpanatanteraka ny fandaharan'asa (SEP) iray. Eken'ny fikambanana ny asany sy ny famaritana ny asan'ny ny mpikambana ao aminy. Miandraikitra ny fanatanterahana ny tetikasa ny SEP. Anatin'izany ny fitantanana ny fifaneken'antoka, ny fanamafisana ny fandaharanasa sy ny teti-bola isan-taona, ny fanaovana tatitra milaza ny fizotry ny asa sy ny fitantanam-bola isan-taona.

Sampan'asa misahana ny fitaterana ambanivohitra (CTR). Eken'ny fikambanana ny asany sy ny mpikambana ao aminy mba ho handrindra sy hanara-maso ny fanatanterahana ny fandaharanasa sy ny fizotrany, hanaraka ny fizotrany, hampahafantatra ny fitaterana ambanivohitra amin'ny antokon'olona voakasika rehetra amin'ny alalan'ny filazam-baovao ary handrindra tsara ny asa rehetra mahakasika ny fitaterana ambanivohitra.

Komity mpitarika filan-kevitra (CPC). Eken'ny fikambanana ny asany, ny famaritana ny asa ataony ary ny mpikambana ao aminy mba hampiroborobo ny fivezivezena eny ambanivohitra avy amin'ny fampivoarana ny fampiasana ny fitaovam-pitaterana tsotsotra sady manampy ny mpisambotra amin'ny famolavolana sy fandrindrana ny politikam-pitaterana ho fampiasana ireny fitaovana ireny.

2. Apetraky ny mpisambatra sy tandroviny isaky ny Faritany ireto rafitra ireto.

Masoivoham-paritany miandraikitra ny lalana (ARP). Eken'ny fikambanana ny asany, ny famaritana ny asa ataony sy ny mpikambana ao aminy mba hanatanteraka ny fandaharan'asam-panarenana sy fikojakojan-dalana ho an'ny solontenan'ny fanjakana tompon'ny lalana any amin'ny faritany.

Foibem-paritanin'ny asa vaventy (DPTP). Eken'ny fikambanana ny asany, ny famaritana ny asa ataony sy ny mpikambana ao aminy mba handray anjara amin'ny fisokajiana ny lalana any amin'ny Faritany, hilaza ny momba azy ireo amin'ny antsipiriany, mandrefy, manisa ny fiarakodia mifamoivoy, manomana ny fandaharanasam-pikojakojan-dalana isan-taona izay tsy maintsy alefa any amin'ny FER mba hankatoaviny sy hanokanany vola, manomana fandaharanasam-panarenana ny lalana rehetra ao anatin'ny fotoana tsy ela loatra sy lavitra ezaka, manavao izany matetitetika, mitantanana ny vaovao angonin'ny SIG momba ny lalana, manamboatra sy manavao saritanim-paritany.

Amin'ny fananganana ny masoivoham-paritany momba ny lalana, na Faritany aiza na Faritany aiza, ary raha tsy kithina ny andraikiny eo amin'ny fitantanam-bola enti-manatanteraka ny tetikasa, dia azon'ny SEP atao ny mamindra amin'io masoivohom-paritany io (ARP) ny fitantanana ny fifaneken'antoka sy ny fitantanana ny volan'ny asa sy ny an'ny fisahanan-draharaha araka ny fifaneken'antoka sy fifanarahana mitentina 150.000 dolar farafahabetsany. Manaraka ny fepetra soritin'ny fifanaraham-pisahanan-draharaha tsy maintsy ifanaovan'ny SEP sy ny ARP isan-taona izany.

Misy fepetra raisin'ny mpisambatra mba hahatomombana ireto zavatra ireto.

Misy sekretera mpanatanteraka anankiray ao amin'ny SEP. Manampy azy ny mpikambana ampy isa sy fahaiza-manao ary za-draharaha ka anisan'ireo ny mpikajy raharaha-bola.

Misy mpandrindra ny sampan'asa misahana ny fitaterana ambanivohitra. Manampy azy ny mpahay solosaina iray sy mpikambana ampy isa sy fahaiza-manao ary za-draharaha.

Misy olona mitazona mandritra ny fotoana maharitra ny andraikiry ny sekretera mpanatanteraka, ny mpikajy raharaha-bola, ny mpandrindra ny fitaterana ambanivohitra sy ny mpahay solosaina voalaza amin'ity andalana ity. Manana ny fahaiza-manao sy za-draharaha ireo olona ireo ka eken'ny fikambanana.

a) Manomana drafim-panatanterehana ny tetikasa ny mpisambatra, mandefa izany any amin'ny fikambanana mba hanaovany fanamarihana ary mandany io drafitra io raha eken'ny fikambanana ny fanehoana azy sy ny votoatiny. Lazain'io drafitra io amin'ny antsipiriany ireo toromarika sy fombafomba enti-manatanteraka ny asa ka nifanarahana tamin'ny fikambanana mba hahafahana manatanteraka sy manara-maso ny asa ary manao fisafoana. Voafaoka anatin'izany ireto zavatra ireto:

- i) Ny mari-drefy ny fahavitrihana, ny toromarika momba ny fanaraha-maso sy ny fanombatombanana ary ny fomba misandraika amin'ny fanombatombanana ny tontolo iainana;
- ii) Ny fombafomba arahina amin'ny raharaha-panjakana, fitanana kaonty sy fitantanam-bola;
- iii) Ny toromarika momba ny fifaneken'antoka sy ny famoaham-bola;
- iv) Ny toromarika momba ny fanomezana onitra ny olona afindra toerana sy ny fametrahana azy ireo amin'ny toeram-ponenana vaovao;
- v) Ny antsipirian'ny EEST sy ny drafti-pitantanana ny tontolo iainana. Anisan'izany ny drafti-pitantanana ny tontolo iainana ambaran'ny andalana 3(b) (ii) sy (c) (ii) anatin'ny tovana

voalohan'ity fifanarahana ity raha vao azo ampiasaina izany drafitra izany.

b) Hanatanteraka ny tetikasa araka ny fombafomba ambaran'ny drafi-panatanterahana ny tetikasa ny mpisambotra. Raha tsy hoe hafa noho izany ny hevity ny fikambanana, dia tsy ovain'ny mpisambotra na kely aza ny fepetra ao amin'ny drafitra sy ny torolalana ; arahiny manontolo raha ohatra, hoy ny fikambanana, ka tsy lesoka ho an'ny fanatanterahana ny tetikasa ny fanovana na ny tsy fanarahana izany drafitra izany.

6) a) Ny 31 mey isan-taona raha ela indrindra no anaovan'ny mpisambotra ny famakafakana ny tetikasa fanao isan-taona, na ny tomban'ezaka antenatenany raha toa ka tsy maintsy atao ny 31 mai 2005 raha ela indrindra ny famakafakana. Iarahan'ny mpisambotra amin'ny fikambanana mbamin'ny antokon'olon-kafa io famakafakana io. Fifanakalozan-kevitra no mibahan-toerana amin'ny ankabobeny ka mahakasika ny raharaha mifandraika amin'ny fizotry ny tetikasa sy ny fandaharanasa. Fanajàn'ny mpisambotra ny adidiny amin'ny fanatanterahana ity fifanarahana ity izany, ary indrindra fifanankalozan-kevitra miompana amin'ny dingana vitan'ny mpisambotra eo am-panatontosana ny tetikasa sy ny fandaharanasa. Miainga amin'ireo mari-drefy ampiasaina amin'ny fanaraha-maso ifanarahana'ny mpisambotra sy ny fikambanana izany dingana vita izany.

b) Alefan'ny mpisambotra any amin'ny fikambanana farafahakeliny iray volana alohan'ny handinihana azy ny tatitra momba ny fizotry ny tetikasa sy ny dingana misy ny fandaharanasa. Ny fikambanana no mametra ny antsipirian'ny votoatin'ny tatitra. Ankoatra io dia lazain'ny tatitry ny mpisambotra amin'ny antsipiriany ny lafin-javatra tsy maintsy fakafakaina.

c) Rahefa vita io famakafakana io dia anjaran'ny mpisambotra ny manitsy araka izay mety sy haingana ny lesoka hita eo am-panatontosana ny tetikasa sy ny fandaharanasa na mampihatra fepetra hafa mety ifanarahany sy ny fikambanana mba hahatongavana amin'ny tanjona kendren'ny tetikasa.

7

a) Mametrakta ny tahiry fikojakojan-dalana (FER) ny mpisambotra ary manao izay hampaharitra azy. Loharanom-bola ny FER ary ampiasaina amin'ny fotoana ilàna azy mba hamatsiam-bola ny fikojakojan-dalana araka ny fepetra azon'ny fikambanana ekena. Anisan'izany ny famatsiam-bola amin'ny fomba mazava sy mangaraharaha ary ahitam-bokatsoa, ny fikojakojana ny lalana ambanivohitra, ny toromarika mazava sy mangarahara ho fanaraha-maso ny FER, ny famaritana mazava ny andraikity ny vondrom-paritra itsinjaram-pahefana, ny fepetra hanaovana ny fanamarinana mahaleo tena ny lafiny teknika, ny raharaha-mola sy ny fandaminana mba hahafahana manara-maso ny lahasan'ny FER, ny fanondrotana miandalana ny anjara vola arotsaky ny mpampiisa lalana amin'ny loharanom-bolan'ny FER.

b) Manao ireto zavatra ireto ny mpisambotra manomboka amin'ny 1 january 2003:

Maka fepetra mba hanaovana fanamarinana isaky ny enim-bolana ny FER amin'ny lafiny teknika sy fitantanam-bola ary fandaminana;

Mandefy ny tatitra mirakitra izany fanamarinana izany any amin'ny fikambanana mba ho dinihiny sy hanaovany fanamarihana. Alefa faran'izay haingana ny tatitra vantany vao vita ny fanamarinana. Telo volana aorian'ny fe-potoana mifanandrify aminy raha ela indrindra.

8. Mifototra amin'ny EEST ny fanatontosan'ny mpisambotra amin'ny antsipiriany ny famakafakana vaovao mikasika ny fiaraha-monina sy ny tontolo iainana. Toy izao ny momba izany isaky ny sokajin-tetikasa.

Mialoha ny funkatoavana ny antontan-taratasim-pitaomana hanao tolo-bidy:

Manomana fanombatombanana ny tontolo iainana izay azon'ny fikambanana ekena ny mpisambotra. Tanisain'ny mpisambotra amin'ny antsipiriany isaky ny sokajin-tetikasa ny zavamisy amin'ny lafin'ny sosialy sy tontolo iainana, ny zava-mananontanona ny tontolo iainana, ny mety ho voka-dratsiny, ny soso-kevitra ho fanalefahana ny fahavoazana.

Manomana drafim-pitantanana ny tontolo iainana (PGE) izay azon'ny fikambanana ekena ny mpisambotra. Tanisain'ny mpisambotra amin'ny antsipiriany ny fepetra sahaza na ilaina mba hiatrehana ny mety ho zava-doza ateraky ny fahavoazan'ny tontolo iainana sy ny fepetra hanalefahana ny voka-dratsin'izany isaky ny sokajin-tetikasa. Tanisain'ny mpisambotra ao amin'ny PGE koa ny fepetra mahasahana ny rafi-pandaminana sy rafi-pifandraisana ankabopeny sy izay mikasika ny fanaraha-maso sy fanomanana tatitra mitombina mba hahafahana miantoka ny fanatanterehana antsakany sy andavany ny PGE ary, ho setrin'izany, mba hahafantarana raha voahaja ny PGE.

b) Miroso amin'ny fampiharana ny PGE ny mpisambotra araka ny toromarika sy ny tetiandro ary ny hafatry ny PGE.

9. Mamoaka tatitra isan-telo volana mamintina ny fanarahana ny fepetra fiarovana ny fiarahamoina sy ny tontolo iainana mifandraika amin'ny tetikasa ny mpisambotra. Ambara amin'ny antsipiriany ny fepetra fampiharana ny EEST sy ireo PGE ary, raha misy, ny zava-misy misakana na mila hisakana ny fanatanterehana antsakany sy andavany ny EEST mbamin'ny PGE ary koa ny fanitsiana natao na tsy maintsy natao hiatrehana ny toe-drahara.

TOVANA FAHADIMY

KAONTY MANOKANA

1. Mba hahafantarana ny zava-kendren'ity tovana ity, dia tsara fantarina ireto voambolana ireto.

a) Ny hoe “sokajy ahazoan-dàlana” dia ny sokajy (1) hatramin'ny (4) ambaran'ny tabilao ao amin'ny andalana voalohan'ny tovana voalohan'ity fifanarahana ity.

b) Ny hoe “fandaniana ahazoan-dalana” dia ny vola lany andoavana ny saran'ny kojakoja sy ny asa ary ny lahasa ilain'ny tetikasa kanefa tsy mihoam-pefy ary tsy maintsy efain'ny vola nampisamborina izay ampiasaina amin'ny sokajy ahazoan-dalana araka ny voalazan'ny fepetra ambaran'ny tovana voalohan'ity fifanarahana ity.

c) Ny hoe “totalim-bola ahazoan-dàlana” dia ny totalim-bola mitovy amin'ny 4.500.000 dôlara tsy maintsy alaina ao amin'ny kaontim-bola ary apetraka ao amin'ny kaonty manokana araka ny fepetra voalazan'ny andalana (a) ambaran'ity tovana ity. Mazava anefa fa raha tsy miova ny hevity ny fikambanana dia tsy mihoatra ny 2.250.000 dôlara ny totalin'ny vola ahazoan-dalana raha toa ka tsy mahatratra 5.120.000 dôlara na mihoatra ny totaliben'ny vola nalaina tao amin'ny kaotim-bola, miampy ny totalin'ny vola lanin'ny tamin'ny fandraiketam-pandaniana manokana araka ny sokajy 5.02 ambaran'ny fepetra ankabopeny.

2. Ny fandoavana ny vola lany tamin'ny fandaniana nahazoan-dàlana irery ihany no ampiasana ny fandoavam-bola amin'ny alalan'ny kaonty manokana araka ny fepetra voalazan'ity tovana ity.

3. Aorian'ny naharaisan'ny fikambanana ny karazan-taratasy milaza amin'ny fomba izay heveriny ho mahafa-po fa nosokafana amin'ny fomba ara-dalàna ny kaonty manokana dia toy izao manaraka izao ny fakana vola ao amin'ny tontalim-bola ahazoan-dàlana sy ny fakana vola

manaraka mba hamerenana amin'ny laoniny ny kaonty manokana.

Momba ny fakàna vola ao amin'ny tontalim-bola ahazoan-dàlana : asehon'ny mpisambatra amin'ny fikambanana ny fangataha-petra-bola iray na maro ao amin'ny kaonty manokana ka mahatratra ny tontalim-bola ahazoan-dàlana. Avy amin'io na amin'ireo fangatahana ireo ary amin'ny anaran'ny mpisambatra no akan'ny fikambanana bola ao amin'ny kaonty manokana sy ametrahany ao amin'ny kaonty manokana ny tontalim-bola nangatahan'ny mpisambatra.

- i) Momba ny famerenana amin'ny laoniny ny kaonty manokana : misy fangataha petra-bola ao amin'ny kaonty manokana omen'ny mpisambatra ny fikambanana araka izay elanelam-potoana lazain'ny fikambanana.
- ii) Mialoha na mandritra ny fotoana anaovana ny fangatahana tsirairay dia misy antontan-taratasy na taratasim-panamarinana hafa izay ilaina omen'ny mpisambatra ny fikambanana, araka ny andalana faha-efatr'ity tovana ity, mba handoavana ny vola angatahina ho famerenana amin'ny laoniny ny kaonty manokana. Avy amin'ireo fangatahana tsirairay ireo sy amin'ny anaran'ny mpisambatra no akan'ny fikambanana vola ao amin'ny kaontim-pampisamboram-bola ary mampiditra ny vola nangatahan'ny mpisambatra ao amin'ny kaonty manokana. Manamarina ireo antontan-taratasy sy taratasim-panamarinana hafa fa nalaina tokoa tao amin'ny kaonty manokana ny vola mba hanefana ny fandaniana ahazoan-dalana.
Ny fikambanana no manao ny fametraham-bola tsirairay sady maka vola ao amin'ny kaontim-pampisamboram-bola ho an'ireo sokajy ahazoan-dalana araka izay totalim-bola mifanaraka amin'ireo antontan-taratasy sy taratasim-panamarinana hafa.

Momba ny fandoavam-bola ataon'ny mpisambatra amin'ny alalan'ny kaonty manokana: misy antontan-taratasy sy taratasim-panamarinana hafa omen'ny mpisambatra ny fikambanana amin'ny fotoana tokony ho izy ary feran'ny fikambanana. Ambaran'ireo taratasy ireo fa ny fandaniana ahazoan-dalana irery ihany no nandoavana io vola io.

Na eo aza ny fepetra voalazan'ny andalana fahatelon'ity tovana ity dia tsy voatery hametra-bola vaovao ao amin'ny kaonty manokana ny fikambanana raha vao nitranga ny iray amin'ireto toe-javatra ireto:

- a) Nametraka ny fikambanana fa tokony haka vola hafa avy hatrany ao amin'ny kaotim-pampisamboram-bola ny mpisambatra araka ny fepetra voalazan'ny andininy fahadimin'ny fepetra ankabobe sy ny andalana (a) ambaran'ny sokajy 2.02 amin'ity fifanarahana ity;
- b) Tsy nalefan'ny mpisambatra any amin'ny fikambanana tao anatin'ny fe-potoana voalazan'ny sokajy 4.01 (b) (ii) amin'ity fifanarahana ity ny tatiry ny fanamarinana izay tokony ho dinihan'ny fikambanana araka ny ambaran'ny sokajy mahakasika ny fanamarinana ny kaonty sy ny bokim-bolan'ny kaonty manokana;
- c) Nambaran'ny fikambanana tamin'ny mpisambatra ny fikasany hampiato tanteraka na amin'ny ampahany ny zon'ny mpisambatra haka vola amin'ny kaontim-pampisamboram-bola mba ho fampiharana ny fepetra voalazan'ny sokajy 6.02 ambaran'ny fepetra ankabobeny;
- d) Mitovy avo roa heny amin'ny totalin'ny vola ahazoan-dalana ny totaliben'ny vola tsy nalaina tao amin'ny vola natokana ho an'ny sokajy ahazoan-dàlana anesorana ny totalim-bidin'ny fandraiketam-pandaniana manokana rehetra ataon'ny fikambanana araka ny voalazan'ny sokajy 5.02 ambaran'ny fepetra ankabobeny.

Manaraka izany dia esorina ao amin'ny kaontim-bola ny vola atokana amin'ny fandaniana ahazoan-dalana araka ny fombafomba ampahafantarin'ny fikambanana ny mpisambatra. Tsy

atao io fisariham-bola io raha tsy voamarina sy maharesy lahatra ny fikambanana fa handoavana ny fandaniana ahazoan-dalana ny vola ao amin'ny kaonty manokana.

6.

- a) Raha mihevitra ny fikambanana fa nampiasana ny kaonty manokana tamin'ny:
 - i) fandoavana ny lany na nanefàna totalim-bola tsy nahazoan-dalana araka ny fepetra voalazan'ny andalana faharoan'ity tovana ity; na ii) tsy voamarin'ny taratasim-panamarinana nalefa any amin'ny fikambanana ny fandoavam-bola, dia toy izao no setrin'izany; raha vantany vao nahazo fampandrenesana tamin'ny fikambanana ny mpisambotra dia A) mandefa ny taratasim-panamarinana fanampiny azon'ny fikambanana angatahina na B) mampiditra ao amin'ny kaonty manokana ny vola rehetra, na ny ampahany, izay naloa tsy nahazo alalana na tsy voamarina, na manonitra ny volan'ny fikambanana raha izay no angatahiny. Raha tsy hoe hafa ny hevity ny fikambanana dia tsy misy vola azony apetra ao amin'ny kaonty manokana raha tsy nalefan'ny mpisambotra any aminy ny taratasim-panamatinana, raha tsy vitan'ny mpisambotra ny nametra-bola na nanonitra ny vola.
- b) Na amin'ny fotoana inona na amin'ny fotoana inona, raha heverin'ny fikambanana fa tsy ilaina ny fisian'ambim-bola ao amin'ny kaonty manokana mba handovana ny fandaniana hafa ahazoan-dàlana, dia anjaran'ny mpisambotra ny manonitra ny ambiny vantany vao mahazo filazana avy amin'ny fikambanana.
- c) Azon'ny mpisambotra atao ny manonitra ny totalibe na ny amphan'ny volan'ny fikambanana amin'ny alalan'ny fametraham-bola ao amin'ny kaonty manokana rahefa nilaza izany tamin'ny fikambanana.
- d) Ampanarahana ny fepetra voalazan'ny andalana 6(a), (b) sy (c) amin'ity tovana ity ny fanoneram-bola. Ao amin'ny kaontim-pampisamboram-bola no androtsahana ny vola mialoha ny hakàna na hanafoanana azy araka ny fepetra sahaza voatondron'ity fifanarahana ity, miampy ny voalazan'ny fepetra ankapobeny.